- ny "Credits de Biodiversité"
- ny REDD + sy tsena Carbone.

Anisan'ireo mpiara-miombon’antoka amin'ireo famatsiam-bola ireo ny Banky Iraisam-pirenena, ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola maneran-tany ho an'ny tontolo iainana na GEF.

Ireo fampiasam-bola ireo dia hanampy betsaka amin'ny fahafaha-miatrik'i Madagasikara manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro ary hametraka ny firenena malagasy ho anisan'ireo mpiantsehatra manan-danja amin'ny fiahiana sy ny fiarovana ny zava-boahary sy ny fampiroboroboana ny toekarena maitso.

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA**

**Nankatoavin’ny Filankevitry ny Minisitra ny handraisan'ny Fitondram-panjakana an-tanana ny fanohanana ny fandraisana anjaran'ny delegasiona malagasy amin'ny fifaninanana ny ho Tompon-daka eran-tany taranja tsipy kanetibe, sokajy tanora "en tête à tête", "doublette", "mixte", ny 23 hatramin’ny 26 oktobra 2025 any Espagne.**

**MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

**Nankatoavin’ny Filankevitry ny Minisitra ny fampitana am-bava momba ny fankalazana ny faha-30 taonan'ny "Programme d'Action Mondiale pour la Jeunesse Rencontre de Haut Niveau" mandritra ny andiana faha 80 ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana any New York ny 25 septambra 2025.**

Ity fivoriana ity dia natokana an’ireo Filoham-pirenena izay manolo-tena manokana sy manome ohatra ho an'ireo tanora na eo anivon’ny fireneny na manerana ny kaontinanta afrikanina.

Mahafeno tanteraka ireo fepetra takiana amin’izany Andriamatoa Filohan’ny Repoblikan’i Madagasikara, noho ny fanaovany ho laharam-pahamehana ny tanora malagasy sy afrikanina, izay hita taratra amin’ireo hetsika lehibe sy fotodrafitrasa napetrany. Anisan’izany ny fandaharan'asa FIHARIANA, izay manohana ny fandraharahan’ny tanora, mba hahatonga azy ireo ho mpandray anjara feno amin'ny fanovana ara-toekarena, ara-tsosialy ary ara-kolontsaina eto amin'ny firenena

Ny Filohan’ny Repoblika Andry Rajoelina rahateo no Filoham-pirenena tanora indrindra nitarika ny SADC, sady Filohan’ny French-African Young Leaders 2025, ary koa mpampiantrano ny Fihaonana an-tampony YouthConnekt Africa 2025 eto Antananarivo.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA EO ANIVON’NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA MIADIDY NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA**

**Nankatoavin’ny Filankevitry ny Minisitra ny hampiasana ny tetibola entina hanatanterahana ny fampanarahina fenitra (mise en conformité) ny Kianja Barea Mahamasina : fanitarana ny "gradins" sy fanajariana ny fidirana sy fivoahana raha misy hamehana (accès d'urgence).**